

6 Inona no ahafahana mametraka fanamarihana na fitarainana na soso-kevitra

Manan-jo hametraka **fitarainana** ianao raha :

- ▶ **voailikilika**
- ▶ misy manao **kolikoly**
- ▶ **tsy feno** ny vola voaray
- ▶ **tsy mifanaraka** amin'izay nifanarahana no miseho na atao
- ▶ misy **tsindry hazolena**



Fenoy ny takila voatokana amin'izany !
Raiso eny amin'ny komity mpiahy ny mpiara-belona na eny amin'ny Reny Mahomby

7 Ny adidinao !

- ▶ Tanteraho ny zara-andraikitra !
Tadidio fa raha tsy mitozo fianarana ny zanakao dia tsy handray Vatsin' Ankohonana ianao.
- ▶ Manatona ny toby mpiahy ara-tsakafo hiofana sy hanatsara ny fikarakarana ny zaza.
- ▶ Mandehana eny amin'ny toby fitsaboana manao vaksiny ny zaza na koa rehefa misy tsy salama ny ankohonana.
- ▶ Mandraisa anjara feno amin'ny hetsika rehetra tanterahina miaraka amin'ny Reny Mavotrika.



- ▶ Ento ny boky fandraisam-bola na piosy (carte puce) ary ny boky «Fiaravota» rehefa handray vola.



FIARAVOTA



ZO SY ADIDY



FONDS D'INTERVENTION
POUR LE DEVELOPPEMENT
MADAGASCAR



033 65 300 03 / 034 30 810 _ _

(Antso tsy andoavam-bola)

1 Arahabaina ! Ankehitriny ianao dia mpisitraka ny Fiavota

Mandray vatsy Fiavota **Ar 30 000** hatramin'ny **Ar 50 000** isaky ny :

2 volana

Ar 30.000 : raha tsy misy zaza

Ar 40.000 : raha misy zaza iray (1) mianatra

Ar 50.000 : raha mihoatra ny zaza roa (2) no mianatra

2 Ahoana ny fandraisana ny vola ?

Ampahafantarina anao amin'ny alalan'ireo Reny Mavitrika, komity mpiahy ny mpiara-belona na peta-drindrana eny amin' ny biraom-pokontany **ny fotoana sy toerana andraisana azy.**



Ento ny karapanondro, ny "Piosy" finday, ary ny boky Fiavota rehefa handray vola.

3 Ny andraikitrao : ahafahanao misitraka

Mila **mitozo an-tsekoly** mandritra ny taom-pianarana ny zanakao :

80%

4/5 n'ny andro fianarana dia **any an-tsekoly ny zaza.**




4 Raha tsy mitozo fianarana ny zanakao dia inona no hitranga ?

Tsy mandray **vola** na mihena ny vola raisina

Raha **tsy mahatratra ny sanda fitozoana** nifanarahana, 80% (4/5andro), in-3 misesy ny zanakao na koa tsy tonga mandray ny vola in-3 misesy ianao.

5 Ny zonao ! mpisitraka ny Fiavota

- ▶ Mandray ny **Vatsy Fiavota** isaky ny roa (2) volana ary mandray anjara amin'ireo **fiofanana** omen'ny FID.
- ▶ **Mampiditra** ny zanaka **an-tsekoly**, mahazo fikarakarana ara-pahasalamana (CSB) sy torohevitra momba ny fiahiana ara-tsakafo (Toby Sekalina / ONN) ary ny fivelaran'ny zaza sy ny maha olom-pirenena.



- ▶ Hametraka **fitarainana** raha tsy afa-po amin'ireo nifanarahana na koa amin'ny sandan'ny vola voaray.

